## LALANA LAHARANA FAHA-96-034

**anavaozana ny drafi-pitondrana ny sehatr' asa momba ny Fifandraisan-davitra**

Ny Antenimieram-pirenena nao nandany tamin' ny fivoriana nataony ny 13 desambra 1996,

Ny Praiminisitra, Filoharn-panjakana sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny fanapahana laharana faha-3/HCC/D.3 tamin' ny 24 janoary 1997,

Araka ny fanapahana laharana faha-17-HCC/D.3 tamin' ny 4 septambra 1996,

Dia mamoaka hampanan-kery ny lalàna izay toy izao ny andinindininy :

### LOHATENY VOALOHANY
### FEPETRA ANKAPOBENY

#### TOKO VOALOHANY
*Famaritana ny hevi-teny*

Andininy voalohany. – Ny hevi-teny manaraka etoana no tànana amin' ny fampiharana izao lalàna izao :

**"Fifandraisan-davitra"** : izay rehetra fifampitam-baovao, fampahalalana na faharaisan-kafatra izany na aminà fitaovana elektrómagnetika, indrindra aminà tariby tohizam-by voafono na fitaovana radioelektrika na fitilia-maso na teknika hafa isan-karazany mifandraika aminy.

**"Radio ifampiserana"** : izay rehetra fifandraisan-davitra tontosa amin' ny onja elektromagnetika latsaka ny 3 000 *gigahertz* , aserana an' hebakebany ary tsy hari-tanana ny andiavany.

**"Radio fampielezam-peo"** : izay rehetra radio ifampiserana kinendry ho mivantana ny faharenesan' ny besinimaro azy.

**"Fifampitam-baovao ilavitra"** : ny fampitana na famoahana mari-pamantarana fampielezam-peo mandalo zanabolana na manara-bohon-tany, na vokarina eo an-toerana ho an' ireo izay manao famandrihana amin' ny alalan' ny tambajotra an-tariby na *hertz*.

## LOI N° 96-034

**portant réforme institutionnelle du secteur des Télécommunications**

L'Assemblée nationale a adopté en sa séance du 13 décembre 1996,

Le Premier Ministre, Chef de l'Etat et du Gouvernement,

Vu la décision n° 3-HCC/D.3 du 24 janvier 1997,

Vu la décision n° 17-HCC/D.3 du 4 septembre 1996,

Promulgue la loi dont la teneur suit :

### TITRE PREMIER
### DISPOSITIONS GENERALES

#### CHAPITRE PREMIER
*Définitions*

Article premier. – Les définitions qui suivent s'appliquent à la présente loi.

**"Télécommunications"** : toute transmission, émission ou réception d'information soit par système électromagnétique, notamment par fil, câble ou système radioélectrique ou optique, soit par tout autre procédé technique semblable.

**"Radiocommunication"** : toute télécommunication réalisée au moyen d'ondes électromagnétiques de fréquence inférieure à 3 000 gigahertz, transmises dans l'espace sans guide artificiel.

**"Radiodiffusion"** : toute radiocommunication dont les émissions sont destinées à être reçues directement par le public.

**"Télédistribution"** : la transmission ou la retransmission de signaux de radiodiffusion reçus par satellite ou par un système de terre approprié, ou produits localement, à des abonnés à travers un réseau câblé ou hertzien.

**"Tsangan' asa fifandraisan-davitra"** : izay rehetra tsangan' asa, fitaovana, tariby, rafitra radioelektrika na tara-pahazavana, na rahefa mety ho teknika hafa mitovitovy aminy fampiasa amin' ny fifandraisan-davitra na amin' ny anton' asa hafa rehetra mifandrohy mivantana aminy.

Tsy voafaoka anatin' izao famaritana izao anefa :

· ireo fitaovana ampiasaina fotsiny ihany amin' ny fampitana na fandikana ny mari-pamantarana ifandraisan-davitra indrindra amin' ny famadihana azy ireny ho lasa teny, lahatsoratra na amin' endriny hafa rehetra ahatakarana ny heviny;

· ny tsangan' asa, toa ny fampitohizana an-tariby avy ao an-tranon' ny mampiasa azy, izay mifamomba amin' ireo fitaovana voatondron' ny andalana eto ambony.

**"Tsangan' asa radioelektrika"** : ny tsangan' asa rehetra fifandraisan-davitra mampiasa fieferan' onja an' *hertz* amin' ny fielezan' ny teti-onja tsy misy sakantsakana.

**"Foiben-toerana radioelektrika"** : iray na maromaro ny fitaovana ampielezana na aharaisam-peo, na tambatry ny fampielezana sy faharaisam-peo, anisany ny fitaovana anankina ilaina amin' atrik' asa momba ny radio ifampiserana amin' ny toerana iray voafaritra tsara.

**"Fandraharahana amin' ny fifandraisan-davitra"** : izay rehetra fisahanan-draharaha mahakasika ny fampitana na ny fandefasana ilalana ny mari-pamantarana na ny fampifanosohana azy ireny amin' ny alalan' ny teknika ifandraisan-davitra. Tsy anisany anefa ny momba ny fandraharahana amin' ny radio fampielezam-peo sy amin' ny fifampitam-baovao ilavitra.

**"Fampitaovana faratendrony"** : rahefa mety ho fitaovana, tsangan' asa na tambatry ny tsangan' asa nokinendry hifampitohy amin' ny faratendron' ny tambajotra iray ary mandefa sy maharay na mampahalala ny dikan' ny mari-pamantarana amin' ny fifandraisan-davitra. Tsy voakasika ireo fitaovana isitrahana amin' ny fampielezam-peo na amin' ny fifampitam-baovao ilavitra, afatsy raha toa ireny fitaovana ireny ahafahan' ny tena misitraka ihany koa amin' atrik' asa momba ny fifandraisan-davitra.

**"Tambajotran' ny fifandraisan-davitra"** : ny tsangan' asa rehetra na tambatry ny tsangan' asa ahafaha-misahana na ny fampitana, na ny fampitana sy ny fandefasana ilalana ny mari-pamantarana amin' ny fifandraisan-davitra, ary koa ny fifamelankafatra amin' ny fampiasana sy fikirana izay mifaningotra amin' ireny mari-pamantarana ireny amin' ireo samy faratendrony amin' io tambajotra io.

**"Tambajotra fampiasan' ny besinimaro"** : ny tambajotra rehetra ifandraisan-davitra voavonona na enti-misahan' atrik' asambahoaka amin' ny fifandraisan-davitra.

**"Tambajotra ampiasan-tena manokana"** : ny tambajotra rehetra ifandraisan-davitra fampiàsa manokana an-tokantranon-tena na ifampizarana ny fampiasana azy.

**"Fampiraisan-tendrony"** : ny atero k' alao amin' atrik' asa trandrahan' ny mpandraharaha anankiroa amin' ny tambajotra iray ifandraisan-davitra ho an' ny sarambabem-bahoaka ahafahan' ny rehetra mpampiasa azy mifandray an-kalalahana tanteraka na manao ahoana na toy inona tambajotra ipàkany na ny atrik' asa tadiaviny.

**"Fifankahenenan' ny faratendrom-pitaovana"** : fahazoa-mampiasa an' ireny faratendrony ireny amin' ny tambajotra andaniny ary ankilany amin' ireo faratendrom-pitaovana hafa ahafaha-misitraka amin' atrik' asa iray karazana aminy ihany.

**"Mpandraharaha"**: ny olon-tsotra rehetra na fikambanana mitrandraka tambajotran' ny fifandraisan-davitra azon' ny sarambabe-bahoaka ampiasaina na manatontosa atrik' asa momba ny fifandraisan-davitra.

**"Mpirotsaka an-tsehatra mahefa"** : ny mpandraharaha rehetra mahaporofo fa efa zà-draharaha izy na naharaikitra fifanaraham-barotra momba ny fifandraisan-davitra.

**"Mpisahan' atrik' asa"** : ny mpandraharaha rehetra vononkisahana atrik' asa iray na maromaro amin' ny fampiàsany tsangan'

**"Installation de télécommunications"** : toute installation, appareil, fil, système radioélectrique ou optique, ou tout autre procédé technique semblable pouvant servir à la télécommunication ou à toute autre opération qui en est directement liée.

Sont cependant exclus de la présente définition :

• Les appareils servant uniquement à la communication ou au traitement de signaux de télécommunications notamment pour leur transformation en paroles, texte ou toute autre forme intelligible;

• Les installations, tel le câblage en place chez l'usager, qui sont auxiliaires aux appareils visés à l'alinéa ci-dessus.

**"Installation radioélectrique"** : toute installation de télécommunications qui utilise des fréquences hertziennes pour la propagation des ondes en espace libre.

**"Station radioélectrique"** : un ou plusieurs émetteurs ou récepteurs, ou un ensemble d'émetteurs ou de récepteurs, y compris les appareils accessoires, nécessaires pour assurer un service de radiocommunication en un emplacement donné.

**"Service de télécommunications"** : toute prestation incluant la transmission ou l'acheminement de signaux ou une combinaison de ces fonctions, par des procédés de télécommunications à l'exception des services de radiodiffusion et de télédistribution.

**"Equipement terminal"** : tout appareil, toute installation ou tout ensemble d'installations, destiné à être connecté à un point de terminaison d'un réseau et qui émet, reçoit, ou traite des signaux de télécommunications. Ne sont pas visés les équipements permettant d'accéder à des services de radiodiffusion ou de télédistribution, sauf dans le cas où ces équipements permettent d'accéder également à des services de télécommunications.

**"Réseau de télécommunications"** : toute installation ou tout ensemble d'installations assurant soit la transmission, soit la transmission et l'acheminement de signaux de télécommunications, ainsi que l'échange des informations de commande et de gestion qui sont associées à ces signaux, entre les points de terminaison de ce réseau.

**"Réseau ouvert au public"** : tout réseau de télécommunication établi ou utilisé pour la fourniture au public de services de télécommunications.

**"Réseau privé"** : tout réseau de télécommunications réservé à un usage interne privé ou partagé.

**"Interconnexion"** : les prestations réciproques offertes par deux exploitants de réseaux ouverts au public permettant à l'ensemble des utilisateurs de communiquer librement entre eux quelques soient les réseaux auxquels ils sont raccordés ou les services qu'ils utilisent.

**"Inter-opérabilité des équipements terminaux"** : aptitude de ces équipements terminaux à fonctionner, d'une part, avec le réseau et, d'autre part, avec les autres équipements terminaux permettant d'accéder à un même service.

· **"Opérateur"** : toute personne physique ou morale, exploitant un réseau de télécommunications ouvert au public ou fournissant un service de télécommunications.

**"Candidat qualifié"** : tout opérateur pouvant faire référence d'expériences ou de marché dans le domaine des télécommunications.

**"Prestataire de service"** : tout opérateur offrant au public un ou plusieurs services de télécommunications en utilisant des

asa ifandraisan-davitra izay an' ny mpandraharaha iray manan' alàlana momba ny fifandraisan-davitra.

**"Tomponà tambajotra fifandraisan-davitra"** : ny mpandraharaha rehetra tompon' ny tsangan' asa ifandraisan-davitra.

**"Ny nomen-dàlana"** : mpandraharaha nahazo alàlana.

**"Zava-takiana fototra"** : zava-takiana ananan' antoka amin' ny fitandroana ny tombontsoan' ny rehetra fa :

• Misy ny fiarovana ny mpampiasa azy sy ny mpandraharaha mitrandraka tambajotran' ny fifandraisan-davitra;

• Mifankaheny ny fiasan' ny tambajotra ary indrindra indrindra ny fifamelan-kafatra amin' ny fampiasana sy fikirana mifaningotra aminy;

• Mahomby ny fampiasana lasitr' onja radio-elektrika;

• Mifankaheny ny atrik' asa tontosaina sy ireo faratendrom-pitaovana mbamin' ny fikajiana ny zava-pantatra.

**"Fiatrehan' asa mahafaobe"** : Araka izay voafaritra amin' ny fisahanan-draharaham-bahoaka momba ny fifandraisan-davitra, dia tontosaina amin' atrik' asa ho an' olon-drehetra ny fifandraisana an-telefaonina mandeha tsara sady mora vidy. Iandraiketany ny fampifandraisana an-telefaonina avy eo amin' izay efa nofandrihana na atefa aminy. Ny fiatrehan' asa mahafaobe dia azo ankinina amin' izay rehetra mpandraharaha manaiky hisahana azy manerana ny tanim-pirenena ary fantatra fa hahavita izany.

**"OMERT"** : "*Office Malagasy d'Etudes et de Régulation des Télécommunications*" manamahefa amin' ny famolavolana didy amam-pitsipika mikasika ny fifandraisan-davitra.

TOKO II

*Seha-pampiharana*

And. 2. – Voafehin' izao lalàna izao ny Fanjakana sy ireo mpandraharaha mivonon-kisahan' atrik' asa amin' ny fifandraisan-davitra eto amin' ny tanim-pirenena malagasy.

And. 3. – Izao lalàna izao dia ahatra amin' ny mpandraharaha rehetra momba ny fifandraisan-davitra izay ho tsy maintsy sosaiety voafehin' ny lalàna malagasy, iharan' ny fepetra rehetra mifehy ny ankapobem-bahoaka, indrindra amin' izay mikasika ny fanondroana ny banky, andraharahana, ny fampiasana ny vola vahiny ary ny lelavola andraiketana ny lazam-bidy.

And. 4. – Izao lalàna izao dia mihatra ihany koa amin' ny mpitantan-draharaha tinendrin' ny fahefam-pitsarana hitantana vonjimaika izay sosaiety trà-pahasahiranana.

TOKO III

*Feni-kevitra ankapobeny*

And. 5. – Ny zava-kinendry amin' ny politika malagasy momba ny fifandraisan-davitra dia :

*a.* Ny hanome vahana ny fampandrosoana ara-tsosialy sy ara-toekarena eran' i Madagasikara amin' ny fikatsaham-pahombiazana hatrany amin' ny sehatr' asa momba ny fifandraisan-davitra mahahenika ny tanim-pirenena, ny hatsaran' ny atrik' asa tontosaina ampiasana ny teknolojia faran' izay raika, ny tahambidin' ny lahasa mifanentana amin' izay tadiavin' ny mampiasa ary izany dia ampanjakana ny fifaninanan' ny samy mpandraharaha;

*b.* Manao izay hisian' ny fifaninanana malalaka tsy ombàn' hosoka mifanaraka amin' ny didy amam-pitsipika mifehy ny samy mpandraharaha mitrandraka tambajotra sy atrik' asa;

*d.* Manao izay ampahombiazan' ny lamim-pandrindran' asa, mizotra tsara, mahaleo tena ary mangarahara sy tsy miandany amin' izatsy ha izaroa;

*e.* Manao izay itaran' ny fampiraisan-tendro sy fifankahenenan' ny tambajotra samy hafa momba ny fifandraisan-davitra manerana ny tanim-pirenena;

*f.* Manentana ny faharisihana hiara-miasa eo amin' ireo vahiny te-hampiasa ny volany sy ny teratany malagasy.

And. 6. – Ny nomen-dàlana hampiorina tsangan' asa isitrahan' ny besinimaro sy ny mpisahan' atrik' asa amin' ny fifandraisan-davitra ary koa ireo izay anisan' ny mpiandraiki-draharaha ao aminy dia tsy maintsy mitana ny tsiambaratelon' ny asa.

installations de télécommunications appartenant à un opérateur titulaire d'une licence de télécommunications.

**"Propriétaire d'un réseau de télécommunications"** : tout opérateur titulaire d'installation de télécommunications.

**"Personne autorisée"** : opérateur titulaire d'une licence.

**"Exigences essentielles"** : les exigences nécessaires pour garantir, dans l'intérêt général :

• La sécurité des usagers et du personnel exploitant des réseaux de télécommunications;

• L'interfonctionnement des réseaux et notamment des échanges d'informations de commande et de gestion qui y sont associés;

• L'utilisation efficace du spectre des fréquences radioélectriques;

• L'inter-opérabilité des services et celle des équipements terminaux et la protection des données.

**"Service universel"** : dans le cadre du service public des Télécommunications, le service universel fournit à tous un service téléphonique de qualité à un prix abordable. Il assure l'acheminement des communications téléphoniques en provenance ou à destination des points d'abonnement. Peut être chargé de fournir le service universel tout opérateur acceptant la fourniture sur l'ensemble du territoire national et capable de l'assurer.

**"OMERT"** : Office Malagasy d'Etudes et de Régulation des Télécommunications qui exerce les pouvoirs de l'autorité réglementaire en matière de télécommunication.

CHAPITRE II

*Champ d'application*

Art. 2. – L'Etat et les opérateurs qui offrent des services de télécommunications sur le territoire malgache sont liés par la présente loi.

Art. 3. – Les opérateurs de télécommunications liés par la présente loi doivent être des sociétés de droit malgache, soumises à l'ensemble des dispositions du droit commun malgache, notamment en ce qui concerne les obligations de domiciliation bancaire, d'utilisation de devises et de monnaie de facturation.

Art. 4. – La présente loi s'applique également à l'administrateur nommé par une juridiction pour gérer provisoirement la société en difficulté.

CHAPITRE III

*Principes généraux*

Art. 5. – La politique malgache en matière de télécommunication vise à :

*a.* Favoriser le développement socio-économique partout à Madagascar en améliorant la performance du secteur de télécommunications quant à la couverture du territoire national, l'amélioration de la qualité de service en utilisant les dernières technologies, et la compétitivité des tarifs pour satisfaire les demandes des utilisateurs et ceci par le jeu de la concurrence entre opérateurs;

*b.* Assurer par la réglementation une concurrence libre et loyale entre les opérateurs des réseaux et des services;

*c.* Ce que les fonctions de régulation soient assurées de façon efficace, indépendante, transparente et impartiale;

*d.* Favoriser l'interconnexion et l'inter-opérabilité des différents réseaux de télécommunications sur toute l'étendue du territoire national;

*e.* Encourager le partenariat entre les investisseurs étrangers et malgaches.

Art. 6. – Les personnes autorisées à établir un réseau ouvert au public et les prestataires de services de télécommunications ainsi que les membres de leur personnel sont tenus au secret professionnel.

And. 7. – Efatra ny fisokajian' ny mpandraharaha amin' ny fifandraisan-davitra arakaraka izay anton' asany avy :

*a.* Ny tomponà tambajotra, manan' alàlana avy amin' ny tompon' andraikitra manamahefa ara-pitsipika;

*b.* Ireo mpisahan' atrik' asa nahapetraka dieny mialoha ny taratasim-panambaràna ny fifanarahan' asa tany amin' ny tompon' andraikitra manamahefa ara-pitsipika;

*d.* Ny mpivarotra ireo fitaovana faratendrony na mpisahan' atrik' asa anankina amin' ny fifandraisan-davitra izay malalaka ny fifaninanana aminy.

*e.* Ny mpitrandraka tambajotra an-tena manokana manan' alalana avy amin' ny tompon' andraikitra manamahefa ara-pitsipika.

LOHATENY II

## FAHAZOAN-DALANA AMIN' NY FISAHANAN-DRAHARAHAM-BAHOAKA

TOKO IV

*Alalana amin' ny fampiasana tambajotran' ny fifandraisan-davitra*

And. 8. –

1. Ny tompon' ny tambajotra amin' ny fifandraisan-davitra dia tsy maintsy manan' alalana avy amin' ny tompon'andraikitra manamahefa ara-pitsipika.

2. Ny tompon' alàlana dia tsy maintsy manaja ny famarafaranteny raketin' ny bokin' andraikitra mitovana amin' ny fahazoan-dàlana ary mikasika indrindra indrindra :

*a.* Ny faritra sahaniny anatin' izany ny fanondroanandro ahatanterahan' ny lahasa;

*b.* Ny fiatiam-pamokaran' ny tambajotra sy ny hatsaran' ny asa vitany.

*d.* Ny fifankahenenan' ny tambajotra amin' ireo fenitra teknika voasoritry ny tompon' andraikitra manamahefa ara-pitsipika;

*e.* Ny fameperana anomezana onjam-peo radioelektrika;

*f.* Ny fotoam-paharetan' ny fahazoan-dàlana;

*g.* Ny fanajana ny didy amam-pitsipika fampanjakana ny fifaninanana malalaka sady tsy ombàn' hosoka;

*h.* Ny fampiraisan-tendro an' ilay tambajotra amin' ny an' ny hafa nahazo alàlana;

*i.* Ny fahazoan-daharana an' isa mifanaraka amin' ny drafitra voasoritry ny tompon' andraikitra manamahefa ara-pitsipika;

*j.* Ny anjara raisina amin' asam-panjakana fiarovam-pirenena, fitandroana ny filaminam-bahoaka na ny fandriampahalemana;

*k.* Ny sara sy vola fandoa amin' ny fampiasana lasitr' onja radioelektrika, ny saran' ny fanomezan' alalana, ny haba amin' asam-pandrindrana ary ny fandraisan' anjara ara-bola na amin' ny fomba hafa amin' ny fanofanana momba ny fifandraisan-davitra sy fanampiana ny tompon' andraikitra manamahefa ara-pitsipika;

*l.* Ny fombafomba arahana amin' izay rehetra fanovàna ny fifamarafaran-teny nifanaovana.

3. Ny bokin' andraikitry ny mpandraharaha iray tompon' adidy amin' ny fiatrehan' asa mahafaobe dia raiketina rahefa nanome ny heviny ny manamahefa ara-pitsipika ary voafaritra ny fepetra ankapobeny anatontosana an' io atrik' asa io ary indrindra ny tondrom-bidin' atrik' asa mahakasika ny sokajin'olona isan-tokony ahafahany andaniny misitraka amin' ny fiatrehan' asa mahafaobe ary ankilany isorohana ny mety ho fiavakavahana noho ny toe-tany ara-jeografia ipetrahana. Voasoritra ao ihany koa ny fepetra ny fanaraha-maso ny lazam-bidy sy hatsaran' ny atrik' asa mahafaobe.

And. 9. – Mba hahatsara rindra ny firoboroboàn' ny fifandraisan-davitra eran' ny nosy dia apetraky ny Fanjakana ny lamin-draharaha famatsiam-bola enti-manana ny fotodrafitr' asa amin' ny fifandraisan-davitra any amin' ny faritra an' hitsoka tsy nahitana na iray aza mpandraharaha maneho ny faniriany hiasa ao. Ny paika arahana amin' izany dia ny voasoritry ny andininy faha-24.

Art. 7. – Les opérateurs de télécommunications sont répartis en quatre catégories suivant leurs activités :

*a.* Les propriétaires de réseau, titulaires de licence octroyée par l'autorité réglementaire;

*b.* Les prestataires de service ayant au préalable déposé une déclaration de conformité auprès de l'autorité réglementaire;

*c.* Les fournisseurs d'équipements terminaux ou de services auxiliaires aux télécommunications, soumis à la libre concurrence;

*d.* Les exploitants de réseau privé ayant obtenu une autorisation délivrée par l'autorité réglementaire.

TITRE II

## AUTORISATION DE SERVICE PUBLIC

CHAPITRE IV

*Licence de réseaux de télécommunications*

Art. 8. –

1. Le propriétaire d'un réseau de télécommunications doit être titulaire d'une licence octroyée par l'autorité réglementaire.

2. Le titulaire d'une licence doit respecter les clauses contenues dans le cahier de charges annexé à la licence et portant notamment sur :

*a.* La zone de couverture y compris le calendrier de mise en œuvre;

*b.* La capacité du réseau et la qualité de service;

*c.* La conformité du réseau aux normes techniques établies par l'autorité réglementaire;

*d.* Les conditions d'allocation des fréquences radioélectriques;

*e.* La durée de la licence;

*f.* Le respect des conditions réglementaires visant à assurer une concurrence libre et loyale;

*g.* L'interconnexion du réseau aux réseaux des autres titulaires de licences;

*h.* La numérotation conforme au plan établi par l'autorité réglementaire;

*i.* Le concours exigé aux services de l'Etat traitant des questions de défense, de sécurité publique, ou des pouvoirs de police;

*j.* Les droits et redevances sur l'utilisation du spectre des fréquences radioélectriques, les droits des licences, les taxes de régulation, et le concours, financier ou autre, à la formation en matière de télécommunications et à l'assistance de l'autorité réglementaire;

*k.* Les modalités à suivre pour toute modification des clauses.

3. Le cahier de charges d'un opérateur chargé de fournir le service universel est établi après avis de l'autorité réglementaire et détermine les conditions générales de fourniture de ce service et notamment les obligations tarifaires nécessaires, d'une part pour permettre l'accès au service universel de toutes les catégories sociales de la population, d'autre part pour éviter une discrimination fondée sur la localisation géographique. Il fixe également les conditions dans lesquelles les tarifs du service universel et sa qualité sont contrôlés.

Art. 9. – Afin d'assurer un développement harmonieux des télécommunications dans tout le pays, l'Etat doit organiser les modalités de financement de la mise en place d'infrastructure de télécommunications dans les zones enclavées pour lesquelles aucun opérateur n'a émis un désir de s'implanter. La procédure à suivre sera, dans ce cas, celle mentionnée à l'article 24.

And. 10. – Ny manamahefa ara-pitsipika no miadidy ny fanoritana ny famarafaran-teny ampiharina amin' ny isan-tsokajin' ny bokin' andraikitra ary izy no manomana ny fanomezan-dàlana mifandraika amin' izany.

And. 11. – Ny fangatahan' alàlana dia mifanojo amin' ny fitaomana hanao tolo-bidy na amin' ny fitaoman-kifaninana izay ampiana ny modelin' ny bokin' andraikitra mifandraika aminy. Izany fitaomana hanao tolo-bidy na fitaoman-kifaninana izany dia karakarain' ny manamahefa ara-pitsipika na araka izay eritreretany na raha misy fangatahan' alàlana voarainy. Tsy ferana dieny mialoha amin' ny alàlan' ny didy amam-pitsipika ny isan' ireo izay omen-dàlana afa-tsy raha toa an-kanifisana ny hanifisan' ny azo hetsehina, indrindra ny onjam-peo ampiasaina sy ny fampanajana ny feni-kevitra fanalalahana ny fifaninanana eo amin' ny tsenam-barotra isam-paritra ara-jeografia raha toa izany zakan' ny ambaindain' ny tsena.

Ny fitaomana hanao tolo-bidy na hifaninana dia anjakan' ny mangarahara sy azon' izay rehetra mahefa hirotsaka an-tsehatra ary ny fanadihadiana ny tolotra aroso dia ampifanitsiana amin' ny paika arahan' ny besinimaro tsy mampanoin-tsarotra ny mpanao tonom-bidy. Ny modelin' ny bokin' andraikitra fitaomana hanao tolo-bidy na ampifaharana ny famolavolana ny ankibolana raikitra farany, ifanaovan' ny mahalasa azy sy ny manamahefa ara-pitsipika.

And. 12. –

1. Ny alàlana dia ho azo havaozina mandritra ny fari-potoana tsy mihoatra ny fotoam-paharetany tam-boalohany rahefa voazaha fototra ny fangatahana ataon' ny tompony enim-bolana ahay mialoha ny ahadilan' ny faharetam-potoana mampanan-kery azy. Soritana mazava ao amin' ny bokin' andraikitra ny fari-potoana mampanan-kery ny fahazoan' alàlana.

2. Raha toa ny manamahefa ara-pitsipika ka tsy te-hanavao ny fanomezan-dalana dia tsy maintsy ataony ny fampahafantarana izany heviny izany roa ambin' ny folo volana ahay mialoha ny vaninandro ahadilàn' ny fahazoan' alàlana. Ny fandavana ny fanavaozan' alalana dia tsy maintsy ambara anatin' ny fanapahana iray ombàn' ny antonantony izay azo anaovana fampakaran-draharaha amin' ny rantsana mitsara ny momba ny fandraharaham-panjakana amin' ny Fitsarana tampony.

## TOKO V

### *Fanambarana ny fahavitan' asa araka ny nifanarahana*

And. 13. –

1. Ny mpandraharaha rehetra te-hisahan' atrik' asa amin' ny fifandraisan-davitra dia tsy maintsy mametraka any amin' ny manamahefa ara-pitsipika ny fanambarana ataony amin' endriny voatondron' ny andininy faha-14 eto ambany.

2. Ny atrik' asa amin' ny fifandraisan-davitra dia mikasika fotsiny ihany :

*a.* Ny fivarotana indray amin' ny besinimaro ny atrik' asa amin' ny fifandraisan-davitra sahanin' ny tomponà fahazoan-dàlana;

*b.* Ny fivarotana indray amin' ny besinimaro ny atrik' asa amin' ny fifandraisan-davitra mipaka aminà tsangan' asa an' olon-tsotra manokana ny tambajotra aminy;

*d.* Ny fanokanan-toerana ifandefasana telefaonina mifampitohy amin' ny tambajotran' olon-tsotra tomponà fahazoan-dàlana.

And.14. –

1. Raha mandalo amin' ny tsangan' asan' olona tomponà fahazoan-dàlana ny atrik' asa amin' ny fifandraisan-davitra dia tsy maintsy marihana mazava tsara anatin' ny fanambarana ny fahavitan' asa nifanarahana ny fankatoavan' ny tompon' alalana ny momba izany.

2. Ny mpandraharaha isanisany amin' ny fifandraisan-davitra dia tsy maintsy mametraka ny fanambaràna ny fahavitan' asa mifanaraka amin' ny fepetra raketin' ny andininy faha-20.

3. Ny mpandraharaha isanisany amin' ny fifandraisan-davitra dia tsy maintsy mameno ny raki-pilazalazana soritan' ny manamahefa ara-pitsipika mampivoitra indrindra ny mombamomba azy sy ny karazan' atrik' asa ho tontosainy. Manan' adidy ny

Art. 10. – L'autorité réglementaire précise les clauses applicables à chaque classe de cahier de charges et prépare la licence correspondante.

Art. 11. – La demande de licence répond à un appel d'offres ou un appel à candidature qui est complété par un modèle de cahier des charges correspondant. Cet appel d'offres ou appel à candidature peut être organisé par l'autorité réglementaire soit de sa propre initiative, soit à la demande d'un postulant pour une licence. Le nombre de titulaires de licences ne sera pas limité à priori par la réglementation sauf lorsque cette limitation est justifiée par la rareté des ressources, en particulier des fréquences, et respecte le principe d'assurer la possibilité de concurrence dans chaque segment du marché dans toutes les zones géographiques, dans la mesure où la taille du marché le permet.

Le processus d'appel d'offres ou d'appel à candidature doit être transparent et ouvert à tout candidat qualifié, et l'étude des propositions s'accorde à une procédure publique accessible à tous les soumissionnaires. Sur la base du modèle de cahier des charges soumis à l'appel d'offres, la version finale sera élaborée entre le titulaire et l'autorité réglementaire.

Art. 12. –

1. La licence pourra être renouvelée pour une période n'excédant pas la durée initiale après instruction de la requête déposée par le titulaire six mois au moins avant la fin de sa période de validité. Le cahier de charges précisera la période de validité de la licence.

2. Si l'autorité réglementaire entend ne pas renouveler la licence, elle doit notifier son intention douze mois au moins avant la date d'expiration de la licence. Le refus du renouvellement doit être constaté par une décision motivée laquelle est susceptible de voie de recours devant la Chambre administrative de la Cour suprême.

## CHAPITRE V

### *Déclaration de conformité*

Art.13. –

1. Tout opérateur désirant offrir des services de télécommunications doit déposer auprès de l'autorité réglementaire une déclaration sous la forme prévue par l'article 14 ci-dessous.

2. Les services de télécommunications incluent uniquement :

*a.* La revente au public des services de télécommunications d'un titulaire d'une licence;

*b.* La revente au public des services de télécommunications utilisant les installations de télécommunications d'un réseau privé;

*c.* La fourniture des cabines téléphoniques liées au réseau d'un titulaire d'une licence de télécommunications.

Art. 14. –

1. Quand les services de télécommunications utilisent les installations de télécommunications appartenant à un titulaire d'une licence, la déclaration de conformité doit inclure l'accord du titulaire.

2. Chaque prestataire des services de télécommunications doit déposer une déclaration de sa conformité avec les conditions de l'article 20.

3. Chaque prestataire de service de télécommunication doit remplir le formulaire établi par l'autorité réglementaire et qui comporte notamment son identité et la nature du service qu'il se propose de fournir. Le prestataire de service a l'obligation de

And. 19. – Ny lasitr' onja radioelektrika atokana amin' ny fampielezam-peo sy amin' ny fifampitam-baovao ilavitra dia tantanan' ny manampahefana ara-pitsipika araka ny famarafaranteny nosoritan' ny Firaisambe iraisam-pirenena momba ny fifandraisan-davitra (UIT).

TOKO VIII

*Fepetra fandrosoana tolotra hisahana atrik' asam-bahoaka*

And. 20. –

1. Ny mpisahan' atrik' asam-bahoaka isanisany amin' ny fifandraisan-davitra dia tsy maintsy mizaka izao adidy aman' andraikitra manaraka izao :

*a.* Ny manatanteraka ny atrik' asa iandraiketany amimpanajana ny feni-kevitra momba ny fitoviam-pitondrana an' ireo izay mitady izany. Izany fitoviam-pitondrana izany dia mikasika indrindra ny fahazoa-misitraka amin' atrik' asa sy ny lazam-bidin' ireny;

*b.* Ny fanolorana ho hitan' ny besinimaro mila izany mazava tsara sady mora azony ny fampahalalana rehetra tokony ho fantany, mikasika, ny fepetra ahazoa-misitraka amin' atrik' asa sahaniny, indrindra ny fepetra famonoana azy, ny fampiasana azy, ny sarany ary ny fombafomba andraikentana ny lazam-bidiny;

*d.* Ny famononana isam-potoana ny famoahana sy fampahafantarana ny raki-pilazalazana isan-taona ny lisitry ny olona nanao famandrihana. Rahefa mety ho mpamandrika dia afamangataka ny tsy anoratana ny anarany ao anatin' ny rakipilazalazana isan-taona ny nanao famandrihana;

*e.* Ny fanajana ny fanapahana rehetra raisin' ny manampahefana ara-pitsipika hoenti-mampanjaka ny fifaninanana tsy ombàn' hosoka.

And. 21. –

1. Ny tompon' alàlana amin' ny fifandraisan-davitra dia tsy maintsy manaiky ny fampiraisan-tendro ny fitaovana ampiasainy amin' ny an' ny hafa rehetra manan' alalana. Ny fifanarahana mikasika ny fampiraisan-tendro dia voafehin' ny fifanarahambarotra ifanaovan' ny samy tompon' alalana izay tsy maintsy anajàna ireto feni-kevitra ireto :

*a.* Ny fifanarahana amin' ny fampiraisan-tendro dia tokony ahafahan' ny tompon' ny tambajotra isanisany misahana ny atrik' asa tadiavan' olona ahazoany misitraka amin' ny tambajotrampirenena manontolo nampiraisin-tendro;

*b.* Tsy tohinina ny voasoritry ny andalana manaraka etoana fa ny fampiraisan-tendro dia aompana amin' ny fenitra teknika nifaneken' ny roa tonta (*multiplexage, concentrique, code de signalisation);*

*d.* Azon' ny manampahefana ara-pitsipika atao ny mamoaka didy ampiharana ny fenitra arahana amin' ny fampiraisan-tendro raha toa izany voafarafaran' ny antokon-draharaha iraisam-pirenena mahefa amin' ny fandraiketana ny fenitra arahana.

2. Ny fifanarahana amin' ny fampiraisan-tendro dia apetraka any amin' ny manampahefana ara-pitsipika. Ara-draríny no ifampizaran' ny samy tompony ny saran' ny lany amin' ny fampiraisan-tendro. Ny fitsinjarana ny vola miditra dia ho izay ifaneken' ny mpiara-mirotsaka an-tsehatra voakasika amin' ilay fampiraisan-tendro.

3. Raha toa maty momoka ny fifampiraharahana dia ny manampahefana ara-pitsipika no tompon' adidy amin' ny fanelanelanana sy ny fandraisana fanapahana ara-panjakana mifototra amin' ny feni-kevitra manaraka etoana :

*a.* Ny fepetra ahatanterahana ny fampiraisan-tendro dia afahatra amin' ny saran' atrik' asa. Roa loha indrindra indrindra no tsy maintsy ifakany : (*i*) ampahany raikitra mahasahana ny fampandehanana ny drafitr' asa isian' ny fampiraisan-tendro ary (*ii*) ampahany miovaova saran' ny fampizorana ilalana ny fiantsoana;

*b.* Azon' ny manampahefana ara-pitsipika tanana anefa ny vesatra manokana mianjady noho ny fisahantsahanan' ny lazambidy.

Art. 19. – Les fréquences radioélectriques allouées à la radiodiffusion et à la télédistribution sont gérées par l'autorité réglementaire suivant les recommandations définies par l'Union Internationale des Télécommunications (UIT).

CHAPITRE VIII

*Conditions d'offre des services au public*

Art. 20. –

1. Chaque prestataire des services de télécommunications au public doit se conformer aux obligations suivantes :

*a.* D'exercer la prestation dans le respect du principe d'égalité de traitement des usagers. Cette égalité de traitement concerne notamment l'accès aux services et leur tarification;

*b.* De mettre à la disposition des usagers, de manière précise et accessible, toutes les informations utiles concernant les conditions d'accès à ses services, notamment les conditions de leur fourniture, de leur mode d'emploi, les tarifs et les modalités de facturation;

*c.* D'assurer périodiquement la publication et la distribution d'un annuaire donnant la liste des abonnés. Tout abonné peut demander à ce que son nom ne figure pas sur l'annuaire;

*d.* De respecter toute décision de l'autorité réglementaire visant à assurer une concurrence loyale.

Art. 21. –

1. Le titulaire d'une licence de télécommunications est tenu à l'offre d'interconnexion à tout autre titulaire de licence. Les accords d'interconnexion font l'objet de négociations commerciales entre titulaires de licences qui doivent respecter les principes suivants :

*a.* L'accord d'interconnexion doit permettre à chaque titulaire de réseau d'offrir à ses clients l'accès à l'ensemble des réseaux nationaux interconnectés;

*b.* Sous réserve de l'alinéa qui suit, l'interconnexion est établie sur la base d'une norme technique (multiplexage, concentrique, code de signalisation) mutuellement acceptée;

*c.* L'autorité réglementaire peut imposer l'application de normes d'interconnexion sous réserve que celles-ci soient recommandées par les organismes internationaux de normalisation compétents.

2. L'accord d'interconnexion est déposé auprès de l'autorité réglementaire. Le coût de mise en œuvre de l'interconnexion est partagé équitablement entre les titulaires. Le partage des recettes sera négocié entre les différents intervenants concernés par l'interconnexion.

3. Dans le cas où les négociations n'aboutissent pas, il incombe à l'autorité réglementaire d'arbitrer le différend et de prononcer une décision administrative conformément aux principes suivants :

*a.* Les conditions d'interconnexion doivent être orientées vers les coûts. Elles comprennent notamment deux éléments : *(i)* une partie fixe correspondant aux coûts de mise en œuvre des systèmes assurant l'interconnexion et *(ii)* une partie variable correspondant aux coûts d'acheminement des appels;

*b.* L'autorité réglementaire peut toutefois prendre en compte les contraintes particulières liées aux péréquations tarifaires.

*d.* Tsy anavakavahana an' iza na iza ny fepetra fampiraisan-tendro, izany hoe tsy manatombon-dahiny amin' ny hafa ny mpandraharaha iray, ary mangarahara, izany hoe mifototra amin' ny feni-kevitra tsara tombina sady azo hamarinina ;

*e.* Raha ilaina dia soritan' ny manampahefana ara-pitsipika izany feni-kevitra fototra izany amin' ny alàlan' ny didy amampitsipika mifanandrify aminy.

4. Ny fafam-bidy ahatran' ny tompon' alàlana ivoizana ny atrik' asa avy amin' ny mpisahan-draharaha dia aompana amin' izay tena sarany ary tsy isian' avakavaka, izany anefa tsy misakana ny fampihenam-bidy noho ny hamaroan' atrik' asa sahanina. Ampahafantarina ny manampahefana ara-pitsipika izany fafam-bidiny izany.

And. 22. – Ny tompon' alàlana amin' ny fifandraisan-davitra dia hanaja ny zo sy adidy aman' andraikitra mikasika ny fampiasana ny làlana falehan' ny besinimaro sy ny an'olona manokana.

## LOHATENY III

## LAMIM-PANDRINDRANA NY SEHATR' ASA

### TOKO IX

*Fahefana sy anjaran' asan' ny Minisitra miandraikitra ny Fifandraisan-davitra*

And. 23. –

1. Ny Minisitra miandraikitra ny Fifandraisan-davitra no mamolavola ny politikam-panjakana isan-tsokajin' asa momba ny fifandraisan-davitra ary koa ny teti-pampivoarana ireo tambajotra. Manampy azy amin' izany ny manampahefana ara-pitsipika.

2. Andraikitry ny Minisitra ny fampirindrana amin' ny iraisampirenena ny fifandraisan-davitra. Ianteherany amin' ny fiantsorohany an' ireny andraikitra ireny ny manampahefana ara-pitsipika.

3. Ny Minisitra dia afa-mampanao, na nahim-pony izany na noho ny fangatahana voarainy, famotopotorana, fanadihadiana isan-tsokajin' asa ary tatitra amin' ny manampahefana ara-pitsipika.

And. 24. –

1. Ny Minisitra dia afa-mangataka, na nahim-pony izany na aorian' ny fakàn-kevitra taminà Vondrom-bahoakam-paritra nitsinjaram-pahefana iray na maromaro, amin' ny manampahefana ara-pitsipika, ny fanomanany fitaomana hanao tolo-bidy mahakasika ny fanomezan' alàlana iray.

2. Raha toa ny Minisitra ka maharay fampakaran-draharaha avy amin' ny Fanjakana na Vondrom-bahoakam-paritra nitsinjaram-pahefana, dia hila hevitra amin' ny manampahefana ara-pitsipika izy raha tokony hisy ny fanampiana ara-bola izany.

3. Raha toa manafatrafatra ny manampahefana ara-pitsipika fa ilaina ny fanampiana dia hisy ny fitaomana hanao tolo-bidy hahalalana izay mandroso tonom-bidy faran' ny mora amin' ny fanomezana fanampiana.

### TOKO X

*Fahefana sy anjaran' asan' ny OMERT*

And. 25. – Ajoro ny manampahefana ara-pitsipika izay ho antokon-draharaham-panjakana miendrika indostria sy varotra, ampitondraina ny anarana hoe : *Office Malagasy d'Etudes et de Régulation des Télécommunications (OMERT).* Ny *OMERT* dia mizàka ny zo aman' andraikiny ary mahatapa-tena ara-bola.

Ny foiben-toeran' ny *OMERT* dia araikitra ho ao Antananarivo.

Raha foanana ny *OMERT*, dia tsy maintsy lalàna no anambarana izany.

And. 26. –

1. Ny rantsa-mangaika ny *OMERT* dia ny :

– Filankevi-pitondrana, sy ny

– Tale jeneraly.

2. Ao amin' ny Filankevi-pitondrana dia ahitana mpikambana fito ka ny dimy dia ho tendrena raha vao avoaka hanan-kery izao

*c.* Les conditions d'interconnexion doivent être non discriminatoires, c'est-à-dire ne pas avantager un opérateur par rapport à un autre, et transparentes, c'est-à-dire fondées sur des principes objectifs et vérifiables;

*d.* Si nécessaire, l'autorité réglementaire peut préciser des principes de base par des textes réglementaires appropriés.

4. Les tarifs applicables par un titulaire de licences pour acheminer le trafic en provenance des prestataires de service sont établis en fonction des coûts et sur une base non discriminatoire, ceci n'excluant pas l'application de réductions liées au volume du trafic fourni. Ces tarifs sont communiqués à l'autorité réglementaire.

Art. 22. – Le titulaire d'une licence de télécommunications se conforme aux droits et obligations concernant l'utilisation des voies publiques et privées.

## TITRE III

## REGULATION DU SECTEUR

### CHAPITRE IX

*Pouvoirs et fonctions du Ministre chargé des Télécommunications*

Art. 23. –

1. Le Ministre chargé des Télécommunications élabore la politique sectorielle de l'Etat en matière de télécommunications ainsi que la planification des réseaux avec l'assistance de l'autorité réglementaire.

2. Le Ministre est chargé des fonctions de coordination internationale dans les télécommunications. Il s'appuie sur l'autorité réglementaire pour accomplir ces fonctions.

3. Le Ministre peut, de sa propre initiative ou sur demande, ordonner des enquêtes, des études sectorielles et des rapports à l'autorité réglementaire.

Art. 24. –

1. Le Ministre peut, de sa propre initiative ou après consultation d'une ou de plusieurs Collectivités territoriales décentralisées, demander à l'autorité réglementaire de préparer un appel d'offres visant à l'octroi d'une licence.

2. Si le Ministre est saisi, pour l'extension des services, par l'Etat ou les Collectivités territoriales décentralisées, il consultera l'autorité réglementaire sur l'opportunité d'utiliser une subvention.

3. Au cas où l'autorité réglementaire recommande qu'une subvention est nécessaire, un appel d'offres sera lancé pour identifier le soumissionnaire le moins disant en matière de subvention.

### CHAPITRE X

*Pouvoirs et fonctions de l'Office Malagasy d'Etudes et de Régulation de Télécommunications*

Art. 25. – L'autorité réglementaire est instituée comme établissement public à caractère industriel et commercial, dénommée Office Malagasy d'Etudes et de Régulation des Télécommunications (OMERT). L'OMERT est doté de la personnalité morale et de l'autonomie financière.

Le siège de l'OMERT est à Antananarivo.

La dissolution de l'OMERT ne peut être prononcé que par la loi.

Art. 26. –

1. Les organes de l'OMERT sont :

– Le Conseil d'administration, et

– Le Directeur général.

2. Le Conseil d'administration est composé de sept membres dont cinq seront nommés dès la promulgation de la présente loi.

lalàna izao. Ny mpitantan-draharaha roa hafa dia ho voatendry anatin' ny roa taona aorian' ny famoahana hampanan-kery izao lalàna izao. Ireo mpikambana ao anatiny dia tinendry amin' ny alalan' ny didim-panjakana raisina eo am-pivorian' ny Minisitra noho ny fahaiza-manao ananany momba ny fifandraisan-davitra, ny fitantanam-bola, ny fiharian-karena ary momba ny lalàna.

Ny mpikambana ao anatin' ny Filankevi-pitondrana dia tsy maintsy mizaka ny zom-pirenena malagasy ary miorim-ponenana eto Madagasikara, mizaka ny zo maha-olom-pirenena azy sy ny zony ara-politika ary tsy mbola niharan-tsazy miantraika amimbatantena na mampietry voninahitra.

Ny asa iandraiketan' ny mpitantan-draharaha dia tsy mifankahenina amin' asa sahanin' ny mambra ao anatin' ny Governemanta. Ny maha-mpitantan-draharaha dia tsy afa-miaraka amin' ny fananan-tombontsoa ara-pihariana na ara-bola aminà sosaiety rehetra tompon' alàlana amin' ny tambajotra na mpisahandraharaha momba ny fifandraisan-davitra.

Ny fahazoa-misahana an' izany andraikitra izany na fiantsorohana loloha aminy dia mampitsahatra avy hatrany ny maha-mpitantan-draharaha.

Ny mpitantan-draharaha dia tendrena hiasa mandritra ny efataona azo havaozina indray mandeha ihany. Tsy azo alàna amin' ny asany izy ireo raha tsy tràn' ny fahasembanana ny toe-batana na saina na noho ny tsy fahafaha-miasa maharitra na vokatry ny fanamelohana manohintohina ny haja amam-boninahiny araka ny tolo-kevitra avy amin'ny Lehiben' ny Governemanta raiketina amin' ny alalan' ny didim-panjakana raisina eo am-pivorian' ny Minisitra.

Raha banga ny toeran' ny mpitantan-draharaha iray, dia atao ny fanendrena ny mpisolo toerana azy ao anatin' ny iray volana manaraka io fahabangan-toerana io sy araka ny fepetra voasoritra eto ambony. Ny mpandimby toerana dia ho tendrena hiasa mandritra ny fari-potoana efatra taona azo havaozina indray mandeha ihany.

Ny mpitantan-draharaha dia mahazo tambim-pisahanan' asa isam-bolana sy tambim-piatrehana fivoriana izay toavina amin' ny alàlan' ny didim-panjakana ny ho sandany.

And. 27. – Finidin' ny mpikambana ao amin' ny Filankevi-pitondrana amin' ireo mpitantan-draharaha ny ho Filohany sy Filoha-lefitra. Didim-panjakana atao eo am-pivorian' ny Governemanta no ahitam-pototra ny voka-pifidianana.

And. 28. – Indroa isan-taona sivily no iatrehan' ny Filankevi-pitondrana ny fivoriany ara-potoana, araka ny fanaikana avy amin 'ny Filohany, an-taratasy tsotra, *téléx* na *fax* dimy ambin' ny folo andro ahay alohan' ny vaninandro ivoriana.

Ny fivoriana voalohany dia atao amin' ny faran' ny telovolana voalohany hamaranana ny kaontin' ny taom-piasana talohany; ny faharoa amin' ny volana septambra hankatoavana ny tetibolan' ny taom-piasana manaraka.

Mety hisy koa ny fivoriana tsy ara-potoana atrehina, na araka ny fanaikana avy amin' ny filoha na ny fangatahan' ny antsasaky ny mpikambana ao aminy, na ny fangatahan' ny Tale jeneraly.

And. 29. – Tsy manan-kery ny fanapahana raisin' ny Filankevi-pitondrana afa-tsy amin' anton-javatra voasoratra ao amin' ny fandaharan-draharaha ho dinihana nomena ny mpikambana dimy ambin' ny folo andro ahay mialoha ny fotoam-pivoriana ary raha tsy miatrika izany ny androatokon' ny mpikambana.

Raha tsy tratra io isa io dia kehina hivory indray ny Filankevi-pitondrana hifampidinika momba io fandaharan-draharaha io ihany anatin' ny fe-potoana dimy ambin' ny folo andro farafahelany. Manan-kery ny dinika ifanaovan' ny mpikambana tonga manatrika eo.

And. 30. – Ny fanapahan-kevitra raisina dia izay lany eran' ny ankamaroan' ny mpikambana manatrika eo. Raha mitovy ny isambato dia izay iandanian' ny Filoha no mavesa-danja.

Ny fanapahan-kevitra raisina dia marihana anatin' ny fitanan-tsoratry ny fotoam-pivoriana soniavin' ny Filoha sy ny sekretera miadidy ny firaketan-draharaha.

And. 31. – Faran' izany malalaka ny fahefana zakain' ny Filankevi-pitondrana amin' ny fanatanterahana ny asany ka hajainy ny fepetra raketin' izao lalàna izao. Ampiandraiketina azy indrindra indrindra :

Deux autres administrateurs seront nommés deux ans après la promulgation de la présente loi. Ces membres sont nommés par décret pris en conseil des Ministres en raison de leur compétence en matière de télécommunication, financière, économique, ou juridique.

Les membres du Conseil d'administration doivent être de nationalité malgache et résidents à Madagascar, jouir de leurs droits civiques et politiques et n'avoir subi aucune peine afflictive ou infamante.

Le mandat d'administrateur est incompatible avec toute charge gouvernementale. La qualité d'administrateur est incompatible avec tout intérêt économique ou financier dans toute société détentrice de licence de réseau ou prestataire de service des télécommunications.

L'accession à un tel mandat ou charge emporte d'office cessation du mandat d'administrateur.

Les administrateurs sont nommés pour un mandat de quatre ans, renouvelable une fois. Ils ne peuvent être relevés de leurs fonctions que pour incapacité physique ou mentale ou pour indisponibilité durable ou à la suite d'une condamnation de nature à porter atteinte à leur honorabilité sur proposition du Chef du Gouvernement par décret pris en conseil des Ministres.

En cas de vacance de poste d'administrateur, il est procédé à la nomination de remplaçants dans le mois qui suit cette vacance et dans les conditions définies plus haut. Les successeurs seront nommés pour un mandat de quatre ans, renouvelable une fois.

Les administrateurs perçoivent une indemnité mensuelle et une indemnité de présence dont les montants sont approuvés par voie réglementaire.

Art. 27. – Les membres du Conseil d'administration élisent leur Président et leur Vice-président parmi les administrateurs. L'élection est constatée par décret pris en conseil de Gouvernement.

Art. 28. – Le Conseil d'administration siège en session ordinaire deux fois par année civile, sur convocation du président par lettre, télex, ou fax quinze jours au moins avant la date de la réunion.

La première réunion a lieu à la fin du premier trimestre pour arrêter les comptes de l'exercice précédent; la seconde, au mois de septembre pour l'approbation du budget de l'exercice suivant.

Des réunions extraordinaires peuvent également avoir lieu, soit à l'initiative de son président, soit à la demande de la moitié de ses membres, soit à la demande du Directeur général.

Art. 29. – Le Conseil d'administration ne peut valablement délibérer que sur les questions inscrites à l'ordre du jour remis aux participants, quinze jours au moins avant la réunion, et si les deux tiers des membres sont présents.

Si ce quorum n'est pas atteint, le Conseil d'administration est à nouveau convoqué sur le même ordre du jour pour un délai maximum de quinze jours. Le Conseil délibère valablement avec les membres présents.

Art. 30. – Les décisions sont prises à la majorité des voix des membres présents. En cas de partage des voix, celle du président est prépondérante.

Les décisions sont constatées par des procès-verbaux de séances signés par le Président et le secrétaire de séance.

Art. 31. – Le Conseil d'administration est investi des pouvoirs les plus étendus pour accomplir sa mission, dans le respect des dispositions de la présente loi. Il est notamment chargé de :

– ny famerana ny fitsipika anatiny ifampitondrana anivon' ny Filankevitra;

– ny fanendrena ny kabinetra manamahay amin' ny fitanan-kaonty hanao ny fanamarinan-kaonty isan-taona;

– ny fankatoavana ny tatitra isan-taona momba ny asa aman-draharaha sahanina sy ny filazalazana ny toe-bola rahefa vita ny fandinihany ny tatitra avy amin' ny *audit* taty ivelany.

– ny fanalàna arakaraka amin' ny fitantanana iadidian' ny Tale jeneraly;

– ny fankatoavana ny fepetra sy ny fipitsika arahana amin'ny fitanan-kaonty;

– ny fankatoavana ny tetibola sy ny drafitry ny fampiasam-bola izay naroson' ny Tale jeneraly;

– ny fanoritana ny paika fandraiketana fifanaraham-barotra sy ny fanendrena amin' izy samy mpitantan-draharaha ny ho anisan' ny Vaomiera manokana mpandinika ny fifampiraharaham-barotra mihoatra ny tondrosandany feran' ny Filankevi-pitondrana amin' ny fivoriana ataony amin' ny volana septambra;

– ny fanolorana ny ho Tale jeneraly izay tendrena amin' ny alalan' ny didim-panjakana raisina eo am-pivorian' ny Governemanta araka ny tolo-kevitra aroson' ny Minisitra miandraikitra ny Fifandraisan-davitra;

– ny fankatoavana ny fitsipi-pitondrana ankapobe ny mpandraharaha sy ny fitandrovana ny tsy hivaonany amin'ny fifanekem-pisahanan' asa iombonambe mahakasika ny mpandraharahan' ny *OMERT;*

– ny fanomezan-dàlana hividy, hanakalo ary hamindra tompo fanana-mifaka sy zo zakaina aminy;

–ny fanomezan-dàlana hanao fitrosam-bola sy handray fanomezana ny tolo-pananana.

And. 32. – Adidin' ny filohan' ny Filankevi-pitondrana :

– ny manao izay hahatanterahan' ny fanapahana raisin' ny Filankevitra;

– ny manaika ny mpikambana hivory, ny mampanaja sy mampanara-dalàna ny adi-hevitra ary koa ny fitsipika anatiny ifampitondrana.

– ny fanatoavana ny fitanan-tsoratry ny fotoam-pivoriana sy ny fanasoniavana ny firaketan-draharaha rehetra tapaky ny Filankevi-pitondrana na nahazoan-dàlana taminy.

Azony afindra amin' ny Tale jeneraly ny ampahany amin' ireo tombom-pahefana ananany.

And. 33. – Ny asa aman-draharahan' ny Tale jeneralin' ny OMERT dia tontosain' olomanan-kaja tsongaina avy amin' ny fitaoman-kisahan' asa avoakan' ny Filankevi-pitondrana.

Efa-taona azo havaozina indray mandeha ihany no aharetan' ny fotoam-piasany. Tsy azo alàna amin' ny asa iandraiketany izy alohan' ny hahadilan' ny faharetam-potoana iasany afa-tsy amin' ny antony isian' ny fahasembanana ara-batana na ara-tsaina na raha misy fanamelohana manohina ny haja amam-boninahiny. Izany dia araka ny tolo-kevitra aroson' ny Lehiben' ny Governemanta ary amin' ny alalan' ny didim-panjakana atao eo am-pivorian' ny Governemanta.

Ny Tale jeneraly dia tsy maintsy mizaka ny zom-pirenena malagasy, ny zo maha-olom-pirenena azy sy ny zony ara-politika ary tsy mbola niharan-tsazy miantraika amim-batantena na mampietry voninahitra.

Ny asan' ny Tale jeneraly dia tsy mifankaheny amin' ny fisahanan' andraikitra maha-voafidy sy izay rehetra loloha mitambesatra amin' ny mambra ao anatin' ny Governemanta. Ny maha-Tale jeneraly dia tsy mifankaheny amin' izay rehetra fisitrahan-tombony amin' asa fiharian-karena na fitantanam-bola anatinà sosaiety manan' alalana amin' ny tambajotra na mpisahan' atrik' asa amin' ny fifandraisan-davitra.

Ny Tale jeneraly dia tsy afa-misahan' asa hafa na mandray karama velively amin' asany anivon' ny Filankevitra.

– fixer le règlement intérieur du Conseil;

– désigner le cabinet d'expertise comptable chargé de la vérification annuelle des comptes;

– approuver le rapport annuel d'activités et les états financiers après examen du rapport d'audit externe;

– donner quitus de sa gestion au Directeur général;

– approuver les dispositions et règlements en matière comptable;

– approuver le budget et le programme d'investissement présentés par le Directeur général;

– définir les procédures de conclusion des marchés et nommer parmi les administrateurs les membres de la Commission spéciale chargée de l'examen des marchés supérieurs à un montant fixé par le Conseil d'administration lors de sa session du mois de septembre;

– proposer le Directeur général, dont la nomination est constatée par décret pris en conseil de Gouvernement sur présentation du Ministre chargé des télécommunications;

– approuver le règlement général du personnel, et veiller à sa conformité avec la convention collective dont relève le personnel de l'OMERT;

– autoriser tous acquisitions, échanges et cessions de biens et droits immobiliers;

– autoriser les emprunts et accepter les dons et legs.

Art. 32. – Le président du Conseil d'administration est chargé :

– de s'assurer de l'exécution des décisions du Conseil;

– de convoquer les membres, de faire respecter et garantir la régularité des débats, ainsi que le règlement intérieur;

– d'authentifier les procès-verbaux des séances et de signer tous les actes établis ou autorisés par le Conseil.

Il peut déléguer au Directeur général une partie de ses prérogatives.

Art. 33. – Les fonctions du Directeur général de l'OMERT sont exercés par une personnalité recrutée par voie d'appel d'offres d'emploi lancé par le Conseil d'administration.

Son mandat est de quatre ans, renouvelable une fois. Il ne peut être relevé de ses fonctions avant l'expiration de son mandat que pour incapacité physique ou mentale ou à la suite d'une condamnation de nature à porter atteinte à son honorabilité, sur proposition du Chef du Gouvernement, par un décret pris en conseil de Gouvernement.

Le Directeur général doit être de nationalité malgache, jouir de ses droits civiques et politiques et n'avoir subi aucune peine afflictive ou infamante.

Les fonctions du Directeur général sont incompatibles avec tout mandat électif et toute charge gouvernementale. La qualité du Directeur général est incompatible avec tout intérêt économique ou financier dans toute société détentrice de licence de réseau ou prestataire de services des télécommunications.

Le Directeur général ne peut exercer aucune autre fonction, ni recevoir aucune rémunération pour travail au Conseil.

Tompon' andraikitra ny Tale jeneraly amin' asampandraharahana sy amin' ny fanatanterahana an-tsakany sy andavany ny andraikitra ankinin' izao lalàna izao amin' ny *OMERT*. Andraikiny indrindra indrindra :

– ny manatanteraka ny fanapahana noraisin' ny Filankevi-pitondrana izay andefasany tatitra mikasika ny fitantanana nataony;

– ny manoritra ny volavolan' ny fitsipi-pifehezana ankapobeny ny mpandraharaha ary koa ny fepetra sy ny fitsipika mifehy ny fitanan-kaonty;

– ny fampiharana ny fahefam-pifehezana amin' ny mpiasa manontolo sy ny fiantohana ny fitantanana ny momba azy;

– ny fanoritana ny lamin-draharaha anatiny ao amin' ny *OMERT*, ny fandraisana ny mpiasa rehetra sy fanendrena azy amin' ny asany;

– ny famaizana sy fandroahana ary fanalàna amin' ny asa araka izay voalazan' ny fitsipi-pifehezana ankapobe ny mpandraharaha.

– ny fanajana ny fifanekem-pisahanan' asa iombonambe fampihatra amin' ny mpandraharaha ao amin' ny *OMERT;*

– ny fandraiketana ny tetibola isan-taona fihariana sy fampiasam-bola sy ny fiatrehana izay hahatanteraka izany rahefa notoavin' ny Filankevi-pitondrana sy ny manampahefana mpiahy;

– ny fanaovan-tsonia ny sora-panekena, fifanarahana sy fifampiraharahana neken' ny Filankevi-pitondrana fa tandrifimpahefany, indrindra amin' izay mikasika ny fanofàna, fifanekempiantohana ary raharaham-barotra sy sivily;

– ny manao izay ampiharana ny lazam-bidin' atrik' asa mikasika ny haba efaina amin' ny *OMERT* sy ny fitakiana ary famoriam-bola mifandraika amin' izany;

– ny fandraisana fepetra fikajiam-pananana, raha misy hamehana, mampiantsorok' andraikitra mihoatra ny sahaniny andavanandro, adidiny anefa ny manao tatitra mandry an-tsoratra tsy misy hatak' andro amin' ny Filankevi-pitondrana;

– ny manasonia ny fifanarahanam-barotra, rahefa notoavin' ny Vaomiera manokan' ny fifampiraharaham-barotra mikasika ireo mihoatra ny farafetrany notanan' ny Filankevi-pitondrana ny tondrosandany.

– ny fisoloan-tena ny *OMERT* anatrehan' olon-kafa sy amindraharaha sivily rehetra iatrehana ary koa amin' izay rehetra fampakaran-draharaha amin' ny fitsarana.

– ny fandraisan' anjara amin' ny fivoriana ataon' ny Filankevi-pitondrana ka akàn-kevitra izy amin' izany ary izy no tompon' andraikitra amin' ny sekretariany;

– ny fanomanana sy fanolorana hodinihan' ny Filankevi-pitondrana ny fandaharan' asa anatin' izany ny fandraisana sy ny fampiofanana ny mpiasa ary ny kaonty voavinavina haharitra telo taona sy ny teti-bola ahitàna ny kaontim-bola enti-mihetsika isantaona, ny faminavinana ny vola hiditra sy hivoaka ary koa ny firafitry ny fampiasam-bola;

– rahefa notoavin' ny Filankevi-pitondrana ireny taratasindraharaha ireny dia ampitaina hohamarinina eo amin' ny fotoampivorian' ny Governemanta.

And. 34. – Andraikitra iantsorohan' ny *OMERT*:

*a.* ny fanomezan' alàlana ho an' ny tomponà tambajotra, ny fandraisana ny fanambaran' ny fifanarahan' asa vita ataon' ny mpisahan-draharaha, ny fanomezana fahazoan-dàlana ho an' olontsotra tomponà tambajotra sy ny fanomezam-pankatoavana ho an' ireo mpamonona fampitaovana faratendrony;

*b.* ny fanadihadiana sy fandefasana any amin' ny Minisitra ny tolo-kevitra iompanan' ny fanoritana, famenoana na fanovàna ny seha-pampiharana ny momba ny lalàna na toekarena isahanan' asa aman-draharaha mikasika ny fifandraisan-davitra. Amin' izany dia omaniny ny volavolan-dalàna sy didim-panjakana ary didimpitondrana ataon 'ny minisitera ary arosony ireny ho dinihan' ny Minisitra miandraikitra ny Fifandraisan-davitra;

*d.* ny fisoloan-tena ny Minisitra miandraikitra ny Fifandraisandavitra amin 'ny fivoriambe iraisam-pirenena handinihana ny momba ny fitantanana ny lasitr' onja sy ny raharaha hafa mikasika

Le Directeur général est responsable des services et de la bonne exécution des missions confiées à l'OMERT par la présente loi. Il est notamment chargé :

– d'exécuter les décisions prises par le Conseil d'administration auquel il rend compte de sa gestion;

– d'établir le projet de règlement général du personnel, ainsi que des dispositions et règlements en matière comptable;

– d'exercer l'autorité sur l'ensemble du personnel et en assurer la gestion;

– de définir l'organisation interne de l'OMERT, recruter et nommer à tous les emplois;

– de prendre des sanctions et des mesures de révocation et de licenciement conformément au règlement général du personnel;

– de veiller au respect de la convention collective applicable à l'OMERT;

– d'établir les budgets annuels d'exploitation et d'investissements, et en assurer la mise en œuvre après approbation du Conseil d'administration et de l'autorité de tutelle;

– de signer tous actes, conventions et transactions pour lesquels compétence lui est reconnue par le Conseil d'administration, notamment en matière de baux, contrats d'assurances, opérations commerciales et civiles;

– de faire appliquer les tarifs relatifs aux taxes perçues par l'OMERT, mettre en recouvrement et percevoir les sommes correspondantes;

– de prendre toutes mesures conservatoires, nécessaires en cas d'urgence, nécessitant un dépassement de ses attributions normales, à charge pour lui d'en rendre compte, par écrit et sans délai, au Conseil d'administration;

– de signer les marchés, après avis favorable de la Commission spéciale des marchés pour ceux dont le montant est supérieur au seuil fixé par le Conseil d'administration;

– de représenter l'OMERT vis-à-vis des tiers et dans tous les actes de la vie sociale ainsi que toutes les actions en justice;

– de participer aux réunions du Conseil d'administration avec voix consultative et en assurer le secrétariat;

– de préparer et de présenter au Conseil d'administration pour examen un programme de travail, y compris un programme de recrutement et de formation et un compte de résultat prévisionnel glissant sur trois ans et le budget composé d'un compte de trésorerie prévisionnel annuel, d'un état prévisionnel annuel des recettes et des dépenses, ainsi qu'un programme d'investissements;

– après approbation du Conseil d'administration, ces documents sont communiqués pour visa au Conseil de Gouvernement.

Art. 34. – L'OMERT est chargé :

*a.* d'octroyer les licences aux propriétaires de réseau, de recevoir les déclarations de conformité des prestataires de services, de délivrer les autorisations aux propriétaires de réseau privé et les homologations aux fournisseurs de terminaux;

*b.* d'étudier, et de transmettre au Ministre, les propositions visant à définir, à compléter ou à modifier le cadre juridique ou économique dans lequel s'exercent les activités des télécommunications. A ce titre, il prépare les projets de loi et de décret et les arrêtés ministériels et les soumet au Ministre chargé des Télécommunications;

*c.* de représenter le Ministre chargé des Télécommunications aux réunions internationales traitant de la gestion du spectre des fréquences et autres questions de la

ny didy amam-pitsipika, ny fampandrosoana ary ny fanaraham-penitra amin' ny fifandraisan-davitra.

*e.* ny mandray anjara na mirotsaka anatin' antokon-draharaham-pirenena na vahiny miandraikitra ny fanaovana fanadihadiana sy ny fanatsarana ny fandraiketana didy amam-pitsipika sy ny fitantanana ny momba ny fifandraisan-davitra sy radio ifampiserana ary ny fenitra mifandraika amin' izany;

*f.* ny fitantanana ny lasitr' onja radioelektrika mba ho tsara rindra ny fampiasana azy, eo tokoa mantsy izay tanan' ny Fanjakana ho azy tenany soritan' ny Komity mpandrindra ny amin' ny fifandraisan-davitra eto Madagasikara sady tandrovana ny tsy fisian' avakavaka amin' ny fitsinjarazarana lasitr' onja amin' ireo izay mifaninana hisorohana ny tombo sy hala amin' ny mpandraharaha sasantsasany afa-misitraka bebe kokoa amin' izy ireny;

*g.* ny fitompoana ny toerana an' abo ho an' izay manan' alàlana amin' izany nefa dia tandrovana ny tsy fisian' avakavaka amin' ireo izay mifaninana hisorohana ny tombo sy hala amin' ny mpandraharaha sasantsasany afa-misitraka bebe kokoa amin' izy ireny;

*h.* ny fandraiketana ny drafitr' isam-pandaharana sy ny fanokanana laharan' isa ho an' ireo manan' alàlana sy mpiatrik' asa aman-draharaha sady tandrovana ny tsy fisian' avakavaka amin' ireo izay mifaninana hisorohana ny tombo sy hala amin' ny mpandraharaha sasantsasany afa-misitraka bebe kokoa amin' izy ireny;

*i.* ny fizohiana ny fanatanterahana ny bokin' andraikitra raha ilaina ny mampita hafatra famarafaran-teny sy fampitandremana ny tompon' alàlana mba ho voahaja ny ankibolana mifandraika aminy;

*j.* ny manao izay ananany antoka fa voahaja ny didy amam-pitsipika teknika manan-kery mifehy ny fifandraisan-davitra sy ny radio ifampiserana, anisan' izany ny fampielezam-peo;

*k.* ny fiarovana ny tombontsoan' ny mpanjifa noho izy ireo matihanina sy raiki-ponenana amin' ny fisahanan-draharaha momba ny fifandraisan-davitra;

*l.* ny fanelanelanana amin' ny fifanohanana amin' ny samy tompon' alàlana andaniny ary ankilany amin' ny mpisahan' atrik' asa aman-draharaha; ny voakasiky ny fanapahana noraisin' ny *OMERT* dia ho afa-mampakatra ny olana misy anatrehan' antokom-pitsarana mahefa ireny dia voatondro mazava ao anatin' ny bokin' andraikitra. Ny *OMERT* dia handray ihany koa ny fitarainana avy amin' ny mpampiasa, hanao ny famotopotorana azy ireny ao anatin' ny roa volana raha ela indrindra, ary raha ilaina hampihatra amin' ny tompon' alàlana na mpisahan-draharaha diso lalana ny sazy voasoritry ny didy amam-pitsipika manan-kery

*m.* ny fanaovana famotopotorana raha maharay fitarainana mazava avy amin' ny tompon' alàlana na mpisahan-draharaha mikasika ny mety fifaninanana omban' hosoka;

*n.* ny manao izay tsy hisian' ny fifaninana-mitanila eo amin' ireo tompon' alàlana sy mpisahan-draharaha mba hisorohana sy hanitsiana, anisan' ny fanamparana ny fahazoana laka, ny famerana saran' atrik' asa hisalovanana ny fifaninanana sy ny fifanarahana mampitakemotra ny fandehan' ny tsena, voafaoka ao anatiny ny firaisan' ny mpandraharaha roa na maromaro petsapetsa.

*o.* ny fanaraha-maso atao amin' ny fepetra ara-bola sy ara-pitondrana na ara-teknika mikasika ny fampiraisan-tendro eo amin' ireo samy tompon' alàlana mba tsy ho sakantsakana amin' ny fisahanan' atrik' asa.

And. 35. – Eo amin' ny fanatanterahany ny asany dia zakain' ny *OMERT* ny fahefana ilaina amin' ny fikatsahana indrindra :

*a.* ny fijoroan' ny vavolombelona sy ny famotopotorana azy ary koa ny famononana sy fandinihana ny taratasin-draharaha mbamin' ny fizahana ny toetoe-pananana;

*b.* ny famononana sy fandinihana ny taratasin-draharaha isian' olana eo amin' ireo tompon' alàlana, mpisahan-draharaha ary mpampiasa.

réglementation, de développement et de normalisation des télécommunications;

*d.* de participer ou d'adhérer à des organismes nationaux ou étrangers ayant pour objet l'étude et l'amélioration de la réglementation et de la gestion des télécommunications et de radiocommunications, et des normes correspondantes;

*e.* d'assurer la gestion du spectre des fréquences radioélectriques de façon à assurer une utilisation rationnelle du spectre par les utilisateurs, étant donné les besoins propres de l'Etat exprimés par le Comité de coordination des télécommunications de Madagascar, et tout en assurant pour l'allocation des fréquences aux télécommunications civiles une neutralité entre concurrents de manière à éviter que certains opérateurs disposent d'un accès privilégié à ces ressources;

*f.* d'attribuer les points hauts aux titulaires des licences concernés tout en assurant une neutralité entre concurrents de manière à éviter que certains opérateurs disposent d'un accès privilégié à ces ressources;

*g.* d'établir le plan de numérotation et d'affecter les numéros aux titulaires des licences et les prestations de services tout en assurant une neutralité entre concurrents de manière à éviter que certains opérateurs disposent d'un accès privilégié à ces ressources;

*h.* de veiller à l'exécution des cahiers des charges; le cas échéant, d'adresser au titulaire de licence les recommandations et les mises en demeure en vue d'assurer le respect des engagements correspondants;

*i.* de s'assurer du respect de la réglementation technique en vigueur dans le secteur des télécommunications et des radiocommunications y compris la radiodiffusion;

*j.* de protéger les intérêts des consommateurs en tant qu'usagers professionnels et résidentiels des services de télécommunications;

*k.* d'arbitrer les différends entre, d'une part, les titulaires des licences et, d'autre part, les titulaires des licences et les prestataires de services; les parties concernées par la décision de l'OMERT pourront ensuite porter le litige devant les juridictions compétentes lesquelles auront été précisées dans le cahier des charges. L'OMERT recevra également les plaintes des utilisateurs, les instruira dans un délai maximum de deux mois, et le cas échéant, prendra à l'encontre des titulaires des licences ou des prestataires des services en faute les sanctions prévues par la réglementation en vigueur;

*l.* de mener une enquête suite à la réception d'une plainte formelle d'un titulaire de licence ou d'un prestataire de service concernant toute possibilité de concurrence déloyale;

*m.* d'assurer que la concurrence entre les titulaires des licences et les prestataires des services soit loyale pour prévenir et corriger, entre autres, l'abus des positions dominantes, la tarification visant à décourager la concurrence, et les accords qui ont l'effet de restreindre l'opération du marché, y compris les ententes entre deux ou plusieurs opérateurs;

n. de veiller à ce que les conditions financières, administratives ou techniques d'interconnexion entre titulaires des licences ne constituent pas d'obstacle à la prestation des services.

Art. 35. –Dans l'exercice de son mandat, l'OMERT a les pouvoirs nécessaires visant notamment à :

*a.* la comparution et l'interrogatoire des témoins ainsi que la production et l'examen des pièces et l'inspection des biens;

*b.* la production et l'examen des documents relevant un différend entre titulaires des licences, prestataires des services, et utilisateurs;

*d.* ny mitantana ny Laboratoaram-pirenena manao fikarohana momba ny fifandraisan-davitra najoron' ny didim-pitondrana laharana faha-1609/85 tamin' ny 9 aprily 1985 izay miandraikitra manokana ny fanaovana fanamarinana ny tsangan' asa amin' ny fifandraisan-davitra sy ny radio ifampiserana ary ny fanaraha-maso ny fampiasana ny lasitr' onja. Izy io dia manana ny fitaovana sy mpandraharaha teknika ilaina amin' ny fanaovana fanamarinana amin' ny alàlan' ireo foiben-toerany miorina eran' ny tanim-pirenena;

*e.* ny mandefa fampitandremana an' ireo tompon' alàlana sy ny mpisahan-draharaha mandika lalàna; raha tsy misy vokany ireny dia ahatrany ny sazy voatondron' ny lalàna sy didy amam-pitsipika manan-kery;

*f.* ny mampihantona vonjimaika ny fahazoan-dalana araka ny fepetra voalazan' ny didy amam-pitsipika;

*g.* ny mametraka fitoriana amin' ny tribonaly an' ireo tompon' alàlana sy mpisahan-draharaha mandà tsy hanarina amin' ny laoniny ny mombamomba azy na ny fitorohana azy ireny amin' ny manampahefana manan' adidy amin' ny famaizana;

*h.* ny miandraikitra ny famoriana sy fampiasana ny vola fandoa amin' ny fandrindrana, fitantanana ary fanaraha-maso ny onjam-peo radioelektrika. Ny vola fandoa amin' asam-pandrindrana dia ferana amin' ny alalan' ny didim-panjakana, ny amin' ny fitantanana sy fanaraha-maso ny onjam-peo radioelektrika dia feran' ny didim-pitondrana ataon' ny minisitera.

*i.* ny fampamoahana amin' ny *Gazetim-panjakana* sy amin' ny tatitra isan-taona, ampahafantarina ny besinimaro ny rijan-tenin' ny didy amam-pitsipika arosony ary koa ny fanapahana manokana raisiny amin' ny fampiharana izao lalàna izao;

*j.* ny fampahalalana ny taratasin-draharaha rehetra heverina fa ilaina amin' ny fanatontosana ny asany ary indrindra ho fampilazana na fampahafantarana izany amin' ny besinimaro.

And. 36. – Ny loharanom-bolan' ny *OMERT* dia :

*a.* ny vokatry ny sara sy vola fandoa amin' ny fampiasana lasitr' onja radioelektrika;

*b.* ny vokatry ny sara sy vola fandoa amin' ny fanaraha-maso ny tompon' alalana araka ny fameperana raketin' ny bokin' andraikitra;

*d.* ny vola fandoa amin' ny fankatoavana ny fitaovana ampiasaina amin' ny radio ifampiserana sy amin' ny fifandraisan-davitra;

*e.* ny saran' ny fampanaovana fanadinana ny "*Opérateurs radio*" mba hahazoana manome azy ireo ny fanamarinana ny fahaizan' asa;

*f.* ny vola miditra aminà lahasany isitrahan' ny hafa sy amin' atrik' asa tontosaina;

*g.* ny haba zary hetra eken' ny lalàna fitantanam-bolam-panjakana;

*h.* ny vokatry ny fisamboram-bola;

*i.* ny fanampiana avy amin' ny Fanjakana, vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, vondron-draharaha miankina na tsia amin' ny Fanjakana, eto amin' ny firenena na iraisam-pirenena;

*j.* ny fanomezana sy tolo-pananana;

*k.* izay rehetra loharanom-bola amin' antony manokana ary amin' ny ankapobeny ny mety hatolotra azy na mety ho vokatry ny asa sahaniny.

And. 37. – Ny kaontin' ny *OMERT* dia anaovana "*audit*" isan-taona tontosain' ny kabinetran' ny manamahay ny momba izany, tinendrin' ny Filankevi-pitondrana. Ny tatitra ataony dia ampitaina amin' ny Filankevi-pitondrana alohan' ny hanolorana azy amin' ny Minisitra miandraikitra ny fifandraisan-davitra. Ny kaontin' ny *OMERT* dia avela ho zahan' ny besinimaro. Ny fepetra soritan' ity andininy ity dia tsy mahasakana ny fanaraha-maso rehetra heverin' ny Filankevi-pitondrana na ny manampahefana mpiahy fa tokony hampanaovina mikasika ny fitantanana ny *OMERT* na amin' ny fotoana inona na amin' ny fotoana inona.

*c.* gérer le laboratoire national de recherche en télécommunications créé par l'arrêté ministériel n° 1609/85 du 9 avril 1985, qui est chargé, en particulier, de la vérification des installations de télécommunications et de radiocommunications et de la surveillance de l'utilisation du spectre. Cet organisme dispose des moyens matériels et des personnels techniques nécessaires pour exercer les vérifications à travers les centres de contrôle implantés sur le territoire national;

*d.* établir les mises en demeures à l'encontre des titulaires des licences et des prestataires des services en infraction; si celles-ci restent sans effet, il applique les sanctions prévues par la loi et la réglementation en vigueur;

*e.* suspendre temporairement les licences dans les conditions fixées par la réglementation;

*f.* déposer les plaintes devant les tribunaux contre les titulaires des licences et les prestataires des services refusant de régulariser leur situation ou les dénoncer aux autorités répressives compétentes;

*g.* assurer le recouvrement et l'utilisation des redevances de régulation, de gestion et de contrôle des fréquences radioélectriques. Le montant des redevances de régulation est fixé par décret, celui de la gestion et du contrôle des fréquences radioélectriques par arrêté ministériel;

*h.* faire publier au *Journal officiel* de l'Etat et dans un rapport annuel public les textes réglementaires qu'il propose, ainsi que les décisions particulières prises en application de la présente loi;

*i.* publier tout document qu'il estime nécessaire pour l'exécution de ses fonctions et notamment en vue d'une consultation ou information publique.

Art. 36. – Les ressources de l'OMERT sont constituées par :

*a.* le produit des droits et redevances sur l'utilisation du spectre des fréquences radioélectriques;

*b.* le produit des droits et redevances de contrôle des titulaires de licence conformément aux prescriptions des cahiers de charges;

*c.* les redevances d'homologation des matériels de radiocommunication et de télécommunications;

*d.* les droits d'examen des opérateurs radio en vue d'attribuer un certificat d'exploitation;

*e.* les revenus des cessions de ses travaux et prestations;

*f.* les taxes parafiscales autorisées par la loi des finances;

*g.* les produits des emprunts;

*h.* les subventions de l'Etat, des Collectivités territoriales décentralisées, d'organismes publics ou privés, nationaux ou internationaux;

*i.* les dons et legs;

*j.* toutes autres ressources extraordinaires, et plus généralement qui pourraient lui être affectées ou résulter de son activité.

Art. 37. – Les comptes de l'OMERT font l'objet d'un audit annuel par un cabinet d'expertise qualifié, désigné par le Conseil d'administration. Le rapport est communiqué au Conseil d'administration avant sa présentation au Ministre chargé des Télécommunications. Les comptes de l'OMERT sont mis à la disposition du public. Les dispositions du présent article ne font pas obstacle à tout contrôle que le Conseil d'administration ou l'autorité de tutelle estime devoir faire effectuer à tout moment sur la gestion de l'OMERT.

Lohateny IV

TOKO XI

*Fameperana farany*

And. 38. – Ny fampiharana ny famaizana sy sazy dia tsy maintsy ialohavan' ny fampitandremana alefan' ny manampahefana ara-pitsipika any amin' ilay mpandraharaha tsy mahara-penitra sy anondroana mazava ny na ireo antony mety iharan' ny famaizana ary ny karazan' ny sazy ahatra aminy. Ny fe-potoana omena hanarenana ny mivaona amin' ny laoniny dia tsy azo atao latsaky ny telopolo andro na mihoatra ny sivifolo andro.

Raha toa tsy misy vokany izany fampitandremana izany dia avoakan' ny manampahefana ara-pitsipika amin' ny alàlan' ny fanapahana ombàn' antonantony ny famaizana sy sazy mihatra. Io fanapahana io dia azo akarina amin' ny rantsana momba ny fandraharaham-panjakana ao amin' ny Fitsarana tampony.

Izany sazy izany dia tsy mahasakana ny mety ho fitanarahana ny mpandraharaha noho ny tsy fanajany ny didy aman-dalàna ary fitsipika manan-kery, indrindra amin' izay mikasika ny fandraharaham-barotra.

And. 39. – Hamarinin' ny manampahefana ara-pitsipika raha toa tontosan' ny tompon' alàlana ny bokin' andraikitra iantsorohany. Raha tsy voahaja ny famarafaran-teny raketiny, dia ahatra aminy ny famaizana izay hifanentana amin' ny havesa-danjan' ny hadisoany voazaha fototra ny ho karazany. Ho tanana ireto feni-kevitra manaraka ireto amin' ny famaritana izany famaizana izany :

– fanambaràna tsy marina ny amin' ny fitantanam-bola hanondrotana amin' izao fotsiny ny fampiasam-bola na ny loloha amin' asam-pitrandrahana : sazy ahatra 20 isan-jaton' ny tetibidy ambony ampanga;

– tsy fahatanterahan' adidy amin' ny fisahanan' atrik' asa : sazy famerana ny tondrosandan' ny tombony azo amin' atrik' asa ananan' alàlana ho latsaky ny 10 isan-jato;

–tsy fahatanterahan' adidy amin' ny fanarahana ny lazam-bidin' atrik' asa ; sazy famerana ny vokatry ny fitantanam-bola amin' izay tokony ho trany raha toa voatandrina ny loloha zakaina amin' izany;

– tsy fahatanterahan' adidy amin' ny fahampian' ny enti-mihetsika ara-bola, fiverimberenan' ny tsy fiantsorohan' adidy voalazan' ny bokin' andraikitra, fandavana tsy hanome ny fampahalalana ny toe-java-misy mikasika ny atrik' asa ananan' alàlana na hanaiky ny fitsirihana eny an-toerana ataon' ny mpandraharaha mahefa izany : fanafoanana ny alàlana nomena.

And. 40. – Hamarinin' ny manampahefana ara-pitsipika raha toa tontosan' ny mpisahan-draharaha ny fanambarany momba ny fahavitan' asa atrehany. Raha tsy voahaja ny raketin' ny fanambarana dia ahatra aminy ny famaizana izay hifanentana amin' ny havesa-danjan' ny hadisoany voazaha fototra ny ho karazany.

And. 41. – Rariny ny ataon' ny manampahefana ara-pitsipika raha manasazy izay rehetra mpisahana atrik' asa malalaka ny fifaninanana aminy na tomponà fahazoan-dàlana teknika tsy manaja ny iray na ny maromaro amin' ny fiantsorohan' adidy manaraka etoana :

*a.* Fampiasana fitaovana notoavina. Kanefa ny fampiasan' olon-tsotra faratendro tsy nahazoam-pankatoavana dia tsy mitambesatra amin' ilay mpandraharaha raha toa izany tsy ampahafantarina azy.

*b.* Fampiasanà onjam-peo radioelektrika voatolotra ara-dalàna ho azy;

*d.* Fanajana ny fifanekem-pisahanan' atrik' asa.

Ny famaizana fampihatra amin' ny mpisahan-draharaha sy amin' atrik' asa malalaka ny fiandraiketana azy dia ho sazy vola izay kajiana araka ny voafetran' ny fanapahana ataon' ny manampahefana ara-pitsipika ny ho sarany. Ireny famaizana ireny dia tsy manala velively ny fitanarahana ara-pitsarana noho ny tsy fanajana ny lalàna sy didy amam-pitsipika manan-kery, indrindra amin' izay mikasika ny fandraharaham-barotra.

Ankoatr' izany dia manan-drariny ny manampahefana ara-pitsipika raha didiany ny fampiatoana ny atrik' asa iandraiketan' izay mandika lalàna mandra-pahatontosany ny fanarahana ny didy amam-pitsipika.

TITRE IV

CHAPITRE XI

*Dispositions finales*

Art. 38. – L'application des sanctions et pénalités doit être précédée d'une mise en demeure adressée par l'autorité réglementaire à l'opérateur défaillant et précisant le ou les points susceptibles de sanction et la nature des sanctions encourues. Le délai accordé pour la mise en conformité ne pourra être inférieur à 30 jours ni excéder 90 jours.

Lorsque cette mise en demeure n'est pas suivie d'effet, les sanctions et pénalités sont prononcées par l'autorité réglementaire par décision motivée. Celle-ci est susceptible de recours devant la Chambre administrative de la Cour suprême.

Ces sanctions ne sont pas exclusives des poursuites éventuellement encourues par les opérateurs pour non-respect des lois et règlements en vigueur, notamment en matière de droit commercial.

Art. 39. – L'autorité réglementaire vérifie que les titulaires de licences se conforment à leurs cahiers de charges. En cas de non-respect des clauses, le titulaire défaillant est soumis à des sanctions dont la nature varie en fonction de la gravité de la faute constatée. Les principes suivants seront suivis pour déterminer ces sanctions :

– fausses déclarations financières destinées à augmenter de façon artificielle les investissements ou les charges d'exploitation : pénalité de 20 pour cent du montant surévalué;

– manquement aux obligations de couverture : pénalités destinées à limiter le taux de rentabilité de l'activité sous licence à moins de 10 pour cent;

– manquement aux obligations tarifaires : pénalités destinées à limiter les résultats financiers au niveau qu'ils auraient atteint si les obligations tarifaires avaient été respectées;

– manquement aux obligations de viabilité financière, manquements répétés aux obligations du cahier de charges, refus de fournir des informations relatives à l'activité sous licence ou d'autoriser la visite des sites à des agents habilités : révocation de la licence.

Art. 40. – L'autorité réglementaire vérifie que les prestataires de services se conforment à leurs déclarations de conformité. En cas de non-respect des déclarations, les prestataires défaillants sont soumis à des sanctions dont la nature varie en fonction de la gravité de la faute constatée.

Art. 41. – L'autorité réglementaire est fondée à sanctionner tout opérateur de service ouvert à la libre concurrence ou titulaire d'une autorisation technique qui ne respecterait pas l'une ou plusieurs des obligations suivantes :

*a.* Utilisation d'équipements agréés. Toutefois, l'utilisation par un client du service d'un terminal non-agréé ne sera opposable à l'opérateur que s'il en est informé;

*b.* Utilisation de fréquences radioélectriques dûment attribuées;

*c.* Respect des contrats de fourniture de service.

Les sanctions applicables sur les prestataires de services et sur les services librement fournis sont des amendes dont le montant est calculé sur la base d'un barème fixé par décision de l'autorité réglementaire. Ces sanctions ne sont pas exclusives de poursuites judiciaires pour non-respect des lois et règlements en vigueur, notamment en matière de droit commercial.

En outre, l'autorité réglementaire est fondée à imposer la suspension du service du contrevenant jusqu'à sa mise en conformité avec la réglementation.

## LOHATENY V

### TOKO XII

*Fepetra tetezamita sady farany*

And. 42. – Raha atao tanjona tratrarina ny fahafoanan' izay rehetra an-tanan-tokana amin' ny sehatr' asa momba ny fifandraisan-davitra ho fampanjakana ny fahalalahana sy fandalàna ny rariny sy hitsiny amin' ny fifaninanana, dia toavin' izao lalàna izao ny fanarahamaso ara-pitsipika mba tsy hanomezana vahana ny mahazo laka amin' ny tsenam-barotra momba ny fifandraisan-davitra izay mety hananan' ny tonia mpandraharaha voatondron' ny lalàna laharana faha-93-001 ary koa ny amin' ny fampiasam-bola iadidiana araka ny voasoritry ny fisahanan-draharaham-bahoaka an-tanan-tokana amin' atrik' asa fototra toa ny voasoritra anatin' ity lalàna ity sy ny fandraisan' ny Fanjakana anjara tsy tapaka amin' ny renivolany.

Adidy iantsorohan' ny tonia mpandraharaha manokana voatendry ny mampahafantatra ny lazam-bidin' atrik' asa amin' ny fampiraisan-tendro, amin' ny manampahefana ara-pitsipika, mba ho dinihany.

Ataon' ny manampahefana ara-pitsipika izay hisian' antoka fa mifanaraka amin' ny rariny sy ny hitsiny, indrindra eo amin' ny fampiharana ny lazam-bidiny ambony indrindra sy amin' ny fanombanana ny fahaleovany mifaninana raha atao ny fampitaha iraisam-pirenena.

Amin' ankibolana ekeny amin' asa aman-draharaha malalaka ny fifaninanana aminy dia ny fepetra manaraka etoana no tsy maintsy ahatran' ny tonia mpandraharaha :

*a.* Ny asa aman-draharaha isiam-pifaninanana dia tsy maintsy anaovan' ny tonia mpandraharaha fitsinjarazarana mifanaraka amin' anjara raisiny ary na manao ahoana na toy inona, dia tsy maintsy atao misaraka ny fitanan-kaonty momba azy ireny;

*b.* Ny asa aman-draharaha isiam-pifaninanana dia tsy tokony ahazoana velively tombontsoa ara-barotra, ara-teknika na hafa ateraky ny fisahanan-draharaha an-tanan-tokana fotsiny izao na noho ny fahazoana vahana eo amin' ny tsenam-barotra raha tsy izany dia ahatra ny famaizana sy sazy voatondron' izao lalàna izao.

*d.* Ny asa aman-draharaha an-tanan-tokana fotsiny izao na ahazoana vahana eo amin' ny tsenam-barotra dia tsy anomezana mihitsy fanampiana amin' ny fisahanan' asa aman-draharaha isiam-pifaninanana, raha tsy izany dia ahatra ny famaizana sy sazy voatondron' izao lalàna izao.

And. 43. – Izay rijan-teny rehetra fampiharana, didim-pitondrana, fifanekena ary rijan-teny hafa mifanindrana amin' ny lalàna laharana faha-93-001 dia ho dinihina indray alohan' ny faran' ny volana febroary 1997 hampifanarahana azy ireny amin' ity lalàna ity.

And. 44. – Mandram-pahametrahana amin' ny toerany ny *OMERT* raha ela indrindra enim-bolana aorian' ny famoahana hampanan-kery ity lalàna ity dia ny Minisitra miandraikitra ny fifandraisan-davitra no hiadidy ny anjara raharahan' ny manampahefana ara-pitsipika.

And. 45. – Ny fananan' ny Foibem-pitondrana ankapobe ny fanadihadiana sy ny lamim-pandrindrana ny Fifandraisan-davitra natsangan' ny didim-panjakana laharana faha-95-313 tamin' ny 25 aprily 1995 manoritra ny lamin' asan' ny minisiteran' ny Paositra sy Fifandraisan-davitra ary koa ny mpandraharaha ao anatiny dia homena hiadidian' ny *OMERT* vantany vao vita ny fampakan-toerana azy.

And. 46. – Foanana ary dia foana izay fepetra rehetra voalazan' ny lalàna na didy amam-pitsipika mifanohitra amin' ity lalàna ity.

Na izany aza izao fameperana izao dia tsy manafoana na manova ny voalazan' ny lohateny II amin' ny lalàna laharana faha-93-001 mikasika ny sehatr' asa momba ny Paositra.

And. 47. – Havoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika izao lalàna izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Avoaka hanan-kery, Antananarivo ny 27 janoary 1997.

Norbert Lala RATSIRAHONANA.

## TITRE V

### CHAPITRE XII

*Dispositions transitoires et finales*

Art. 42. – Vu l'objectif de la suppression de tout monopole dans le secteur des télécommunications d'assurer la liberté et la loyauté de la concurrence, la présente loi reconnaît la surveillance réglementaire nécessaire à l'égard de la position dominante du marché des télécommunications que pourrait avoir l'opérateur principal désigné par la loi n° 93-001 ainsi que les obligations d'investissement entrepris dans le cadre de la concession du monopole sur les services de base tels que définis dans cette loi et la participation continue de l'Etat dans son capital.

En particulier, l'opérateur principal désigné est soumis à l'obligation de présenter, sur demande de l'autorité réglementaire, ses tarifs d'interconnexion pour examen.

L'autorité réglementaire s'assure qu'ils ne sont pas déraisonnables ou injustes, notamment par voie d'application d'un plafond tarifaire et par évaluation de la compétitivité des tarifs par comparaison internationale.

Lors de son engagement dans des activités ouvertes à la concurrence, l'opérateur principal désigné est aussi soumis aux conditions suivantes :

*a.* Les activités en concurrence doivent être filialisées par une prise de participation par l'opérateur principal et doivent, dans tous les cas, avoir une comptabilité séparée :

*b.* Les activités en concurrence ne peuvent strictement profiter d'avantages commerciaux, techniques ou autres, provenant des activités sous monopole de fait ou de domination du marché, sous peine de sanctions et pénalités prévues par la présente loi;

*c.* Les activités sous monopole de fait ou de domination du marché ne peuvent strictement pas subventionner les activités en concurrence, sous peine de sanctions et pénalités prévues par la présente loi.

Art. 43. – Tous les textes d'application, arrêtés, protocoles et autres textes se référant à la loi n° 93-001 seront revus avant fin février 1997 de manière à les mettre en conformité avec la présente loi.

Art. 44. – Jusqu'à la mise en place de l'OMERT au plus tard six mois après la promulgation de la présente loi, le Ministre chargé des télécommunications assure les attributions de l'autorité réglementaire.

Art. 45. – Le patrimoine de la Direction générale d'études et de régulation des Télécommunications créée par décret n° 95-313 du 25 avril 1995 portant organisation du ministère des Postes et Télécommunications ainsi que son personnel seront mis à la disposition de l'OMERT dès sa mise en place.

Art. 46. – Toutes dispositions législatives ou réglementaires contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées.

Toutefois, les dispositions du titre II de la loi n° 93-001 portant sur la Poste ne sont ni abrogées ni modifiées par les présentes dispositions.

Art. 47. – La présente loi sera publiée au *Journal officiel* de la République.

Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.

Promulguée à Antananarivo, le 27 janvier 1997.

Norbert Lala RATSIRAHONANA.